# Ilay Voa Tsara Nafafy 17 Aogositra 2018

**17** **Zoma**
aogositra

**Miveziveze eny an-dàlambe … ianareo, ka izahao sy fantaro ary tadiavo ao an-kalalahana, … raha mba misy olona hitanareo, izay manao ny marina sy mitady ny hitsiny.** Jeremia 5. 1

**Isika rehetra dia samy efa nania tahaka ny ondry, samy efa nivily ho amin'ny làlantsika avy isika rehetra ; ary nataon'i Jehovah nihatra taminy *(tamin'i Jesosy)* avokoa ny helotsika rehetra.** Isaia 53. 6

### Hahita olona iray ve ?

Diogène, filôzôfa grika (413-327 tal. J.K.), dia nandehandeha teny an-kianjan'ny tanànan'i Atena teny, nitondra fanilo mirehitra antoandrobenanahary, sady nilaza hoe : „Mitady olona iray aho", izany hoe olona mendrika io anarana io ; na koa hoe : „Ilay tena Olona no tadiaviko, nefa dia olona isan-karazany fotsiny no hitako".

Roanjato taona teo ho eo talohan'io, dia efa niteny tahatahaka izany ny mpaminany Jeremia. Saingy tsy filôzôfa tsy akory no nitady olon-kendry. Fa Andriamanitra mihitsy no nitady olona mahitsy, olona iray monja, ao Jerosalema, mba hahafahany mamela heloka an'i Jerosalema manontolo. Teny anivon'ny olon-tsotra aloha i Jeremia no nitady, ka nahatsikaritra fa tsy fantatr'izy ireo akory ny ataon'Andriamanitra hoe mahitsy (and 4). Avy eo izy dia nankeny amin'ireo olona lehibe, kanefa ireo tsy nanaiky hankatò an'Andriamanitra (and 5). Koa dia samy mpanota mitovy ihany izy rehetra ireo.

Nahita izany olona marina izany ve Andriamanitra, teo anivon'ny zanak'olombelona ? Eny, tonga tetỳ io olona io, dia Jesosy Kristy. Ireo izay nahafantatra Azy — na tia Azy izy na nandà Azy — dia nanambara fa olona marina Jesosy. Na i Pilato nanameloka Azy ho faty aza, dia niaiky hoe : „Izaho tsy mahita izay helony". Nony nanolotra an'i Jesosy tamin'ny vahoaka i Pilato, rehefa avy nanameloka Azy, dia nilaza hoe : „Indro ny Lehilahy !" (Jaona 19. 6, 5). Eny, Jesosy tokoa no Ilay Olona lavorary, Ilay hany marina, Ilay Zanak'Andriamanitra tonga olombelona.

Fa nahoana moa Andriamanitra no nila olo-marina, mba hahafahany mamela heloka ny hafa ? Satria manoloana ny fahamarinany lavorary, ny olona hany mahazo mizaka ny famaizana ny fahotan'izy ireo dia olona tsy manana ota, olona tsy misy tokony hanamelohana azy. Izany no ivon'ny Filazantsara ; izany koa no zava-miafina momba ny fitiavan'Andriamanitra.